# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

Bureau Central de la FPMA FEVRIER 2019 N° 001


## NY FPMA MANAIKY AMIN'NY FAHALEMEM-PANAHY NY TENY NAMBOLENA

Jak 1. 21

Dinidinika fohy mikasika ny teny fanevan'ny faha 60 taonan'ny FPMA.

Raha mandinika ny 60 taona lasa isika dia izany no azo handravonana ny tantaran'ny FPMA : Asa Fambolena ny Teny ao am-pon'ny olona sy eo anivon'ny Fiangonana manontolo. Ankehitriny tsy isalasalana ny milaza fa tena iray amin'ny FPMA ny Teny, efa namaka tsara eo anivon'ny Fiangonana. Tsy afaka misaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra intsony ny FPMA.
Ny fototra nijoroan'ny FPMA hatramin'izay ka hatramin'izao dia niorina sady miorina amin'ny Tenin'Andriamanitra, ny tarigetra sy ny firehana teolojikan'ny FPMA

1.Ny FPMA, Santatry ny Firaisan'ny Fiangonana Protestanta Malagasy

2. Ny FPMA, Fiombonana Manao Asa Misiona ho Fanasitranana Izao Tontolo Izao

3. Ary tamin'ny Synoda Farany teo : Ny FPMA, mandeha manasitrana ny marary, manangana ny maty, manadio ny marary hoditra, mamoaka ny fanahy maloto; efa nahazo maimaimpoana, ka manome maimaimpoana (Mt 10.8)
Ny voalohany, ny faharoa ary ny fahatelo voalaza eo aloha ireo dia samy adim-panahy mangotraka ary mbola ady isan'andro isan'ora eo amin'ny fiainan'ny Tafo sy ny mpino tsirairay avy. Tsy ho vita izany raha tsy mitohy ny fambolen'ny Fanahy Masina ny Teny.
Izany no mahatonga antsika, raha hijery ny 60 Taona manaraka handray ny Jakoba 1. 21 ho teny faneva. Arindra toy izao ny famaky azy :
Milaza toe-tsaina sy toe-panahy ary toetra ianarana sy iaian'ny FPMA eto anivon'izao tontolo izao ireo :
1. Toe-tsaina, manaiky na mandray ny Teny. Tena fiainan'ny mpino rehetra izany raha tiany mbola hamaka tsara sy hiorina mafy ao am-pony ny finoana sy ny fitiavana an'i Jeso Tompo satria tsy mofo ihany no iveloman'ny olona.
2. Toe-panahy : tena ilain'izay mandray ny teny koa ny "fahelemem-panahy" na ny "fanetren-tena". Ny tian'ny Soratra Masina holazaina amin'izany dia manaiky tsy misy ady hevitra na fandavana. Mino tanteraka fa velona sy mahery ny tenin 'Andriamanitra (He 4.12)
3. Toetra : Voavonjy ny fanahy. "Mandray amin'ny fahalemem-panahy ny teny nambolena mahavonjy ny fanahinareo". Io no vokatra raha miasa araka ny teny izy ny tenin'Andriamanitra, voavonjy ny fanahy. Voavonjy amin'inona? Voavonjy amin'ny fandrika avy amin'izao tontolo izao sy ny asan'ny nofo ary ny asan'ny devoly.
Tsarovy am-bavaka izany fankalazana an'Andriamanitra noho ny faha 60 taonan'ny FPMA izany mba handraisan'ny Tafo sy ny tsirairay aina vaovao.

Pasteur Seth Rasolondraibe



Le mois de février a été marqué par deux évènements majeurs au sein de la FPMA. Le premier évènement, nous pouvons l'appeler le quatre en un. En effet le 2 février dernier nous avons assisté à quatre cérémonies religieuses qui portent chacune en elle-même des valeurs symboliques non négligeables.

**Le quatre en un :**

1. L'installation du nouveau bureau central de la FPMA pour les deux années à venir. Dans le même temps nous avons également installé l'ORDM ainsi que les deux vérificateurs aux comptes de notre association. Entre autres commissions et départements, ces trois instances représentent symboliquement les garants de l'unité et de la paix au sein de la FPMA

2. La cérémonie a été en grande partie consacrée à la reconnaissance par la FPMA du service que le Révérend Docteur Jean Ravalitera a rendu au nom de notre Seigneur Jésus en son sein. A cette occasion le Président de la FPF, le Président de la FMM, le Vice-Président de la FPMA et un représentant de la famille ont successivement remercié le Dr Ravalitera et sa femme pour leur engagement sans réserve et rempli d'abnégation afin de faire avancer le royaume de Dieu auprès des malgaches de France.
3. L'ouverture de la célébration de notre soixantième anniversaire. Le thème que nous avons choisi pour cette célébration est tiré de l'épître de Jacques 1.21 et reformulé ainsi :

« La FPMA reçoit avec douceur la Parole qui a été plantée et qui peut sauver »
4. Enfin le dernier évènement est la présence et la participation active de Monsieur le Pasteur François CLAVAIROLY à notre cérémonie. Nous l'avons remercié pour cette présence qui a fait honneur à la FPMA et qui à aussi une valeur symbolique de très grande importance pour quatre raisons au moins :

-C'est un témoignage de reconnaissance que la FPMA fait toujours et encore partie de la grande famille protestante française.

-C'est une preuve de confiance. La confiance fait partie des trois valeurs qui permettent à la communion familiale d'être stable et en bonne santé. Nous aimons la Fédération Protestante de France et nous y sommes en sécurité. La confiance du président nous permet de réunir les trois piliers de notre communion

-Troisième raison. La présence du président de la FPF est une marque de soutien à la FPMA : soutien à notre projet d'église et soutien dans notre activité quotidienne.
-Enfin quatrième raison. La présence de la FPF est aussi pour nous un appel à la responsabilité. Rassurez-vous Monsieur le Président nous sommes bien conscients de cette responsabilité dans tous les domaines…

Seth Rasolondraibe

# La naissance de la Lettre Mensuelle

**2ème évènement du mois de Février**

Cette lettre permettra au bureau central de rester connecté avec toutes les FPMA. Plusieurs rubriques seront développées chaque mois suivant les circonstances.
Ainsi nous y trouverons systématiquement un message du Président de la FPMA, une brève information sur les évènements nationaux du mois, et un rappel de nos activités hebdomadaires comme SAP-KNPL etc.
Les paroisses qui souhaitent contribuer à la lettre mensuelle en suggérant des sujets /contenus de portée nationale à y intégrer, sont également les bienvenues.



## Prédication Pasteur Clavairoly

L'intervention du Pasteur Clavairoly a été marquée par 2 images fortes : d'abord celle du passage de relais d'une course, puis celle de la flèche aiguë dans le carquois du Seigneur que l'on trouve dans le livre du prophète Esaïe, chapitre 49.

Un passage de relais, un temps fort pour se souvenir, remercier, dire pardon et Amen
Ainsi, la prédication s'est adressée d'emblée en particulier au Dr Jean Ravalitera et au Dr Seth Rasolondraibe, en ce que ce jour symbolique est comparable au passage de relais, où "chaque athlète se met au service de l'autre, dans une équipe, afin que le témoin passe de mains en mains dans de bonnes circonstances, autrement dit, afin que le message (...), et le message de l'unité d'une équipe, d'une église, d'un ensemble de chrétiens soit perçu, reçu et que la course de chacune et de chacun ne soit pas vaine."
En effet, ce passage de témoin marque la fin d'une période pour la FPMA comme pour l'ancien président et son épouse, mais également le commencement d'une autre.

Un jour symbolique à plus d'un titre :

- D'abord, il convient d'être reconnaissant pour ces 16 dernières années et de se remémorer les réalisations, les joies et les épreuves les ayant jalonnées et ayant permis à la FPMA de discerner le chemin ouvert par le Seigneur.
- Ensuite, c'est le temps de saluer le couple Ravalitera pour leur engagement de chaque instant, et de les remercier. Mais c'est également le moment de leur demander pardon pour " tout ce que nous n'avons pas su faire avec eux, pour tout ce que nous n'avons pas pu dire au moment opportun, pardon pour les erreurs, pour les propos



malheureux, pour les sentiments de brûlures intérieures que nous n'avons pas su dénouer".
- Et enfin c'est le temps de leur dire : Amen, c'est à dire "c'est bien ainsi", ce qui implique que malgré ce départ, nous savons que nous demeurons liés les uns aux autres.

Nous sommes tous des flèches dans le carquois du Seigneur

"L'Éternel -dit le prophète- m'a appelé dès ma naissance, Il m'a nommé dès ma sortie des entrailles maternelles. 49.2 Il a rendu ma bouche semblable à un glaive tranchant, Il m'a couvert de l'ombre de sa main; Il a fait de moi une flèche aiguë, Il m'a caché dans son carquois." Esaie 49 : 1-2

Dans le livre du prophète Esaïe, il nous est rappelé que l'homme qui parle est désigné comme le serviteur, c'est à dire celui qui se met au service des autres. Et c'est ce le serviteur qui est comparé à une flèche cachée dans un carquois. Nous sommes tous serviteurs du Christ, nous sommes tous au service du Christ, nous sommes tous ses flèches. Le texte parle ainsi d'une flèche "aiguë, qui plantée là où il faut, comme la parole à double tranchant touchera son but, peut-être même le traversera pour atteindre sa cible.

Cependant, si nous sommes tous des flèches, nous pouvons en distinguer différents types :
- Les incertains qui ne sont pas sûrs d'atteindre leur but et qui se cachent au fond du carquois en espérant que le Seigneur ne les appellera pas. Moïse est le type même de l'incertain au moment où Le Seigneur l'appelle :"pas moi , qui-suis-je, je ne sais pas parler, je n'ai pas de don d'orateur, je ne sais pas présider, je suis mauvais prédicateur, je n'ai pas d'autorité naturelle": cependant le Seigneur l'a quand même choisi.
- Les enthousiastes, ceux qui s'impatientent dans le carquois et qui sont prêts à répondre à l'appel: " C'est mon tour, appelle moi Seigneur, je suis prêt" tels que David, qui va effectivement réaliser de grandes choses, ou dans l'histoire de l'Eglise Jean Calvin qui à 26 ans écrivit son Institution de la religion chrétienne.
- Les déçus à l'avance, ceux qui sont sûrs et certains de ne jamais atteindre leur but, qui ne veulent prendre aucune responsabilité ni engagement dans l'église, parce qu'ils ont vécu des épreuves qui les ont blessés et rendus fragiles, à l'instar du prophète Elie, qui n'ose plus rien faire, se cache, refuse l'appel du Seigneur.
- Les écartés ou ignorés : tels que ce pasteur français protestant réformé (André Trocmé) jugé trop décalé par rapport à son temps et nommé dans un petit village de la Haute Loire, au Chambon-sur Lignon où il a orchestré avec son église et tout le village le sauvetage de milliers de juifs persécutés lors de la 2ème guerre mondiale

Ainsi se conclut cette deuxième comparaison, "si nous sommes tous des flèches dans le carquois du Seigneur, chacun a sa place, puisque chacun peut être appelé, puisque chacun peut atteindre d'une façon ou d'une autre le but que Le Seigneur lui fixe."

Encouragement et exhortation pour la FPMA dans la communion en mission

La dernière partie de la prédication consiste en un message d'encouragement et d'exhortation.
Un encouragement adressé dans un premier temps au nouveau président de la FPMA, Dr Seth Rasolondraibe : "Tu n'es pas seul, tu t'inscris dans une communauté, dans une église, dans une équipe, dans la grande assemblée des témoins de la résurrection."

Puis un message d'exhortation à l'ensemble de la FPMA, résumé dans les 3 verbes : Annoncer, Énoncer, Unir :
- Annoncer à la communauté malgache l'Évangile à ceux qui ne le connaissent pas.
- Énoncer ce qui advient dans cette communauté : énoncer sa croissance tout en restant vigilant aux souffrances et aux problèmes qu'elle rencontre : l'Eglise doit être présente.
- Unir : conformément au rôle de communion que les chrétiens ont employé dès l'origine : être ensemble, les uns et les autres liés pour la vie en Jésus-Christ, un rôle appuyé par la mise en place des instances telles que le Bureau Synodal.
En conclusion, retenons ces mots remplis d'espérance :
"Alors à chacune et à chacun de vous, à Seth en particulier et à tous ceux qui l'entourent, je voulais renouveler cet après-midi un message d'encouragement, un message d'espérance, un message qui dit que vous êtes accompagnés, vous n'êtes pas seuls. Un message qui reprend ce que dit le prophète Esaïe. Vous êtes serviteurs au service les uns des autres, vous êtes une flèche acérée dans Son carquois. Amen"

Reccueillie par Lalaina Ramarotafika

# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

**Bureau Central de la FPMA** **MARS 2019** **N° 002**


## LES CULTES PERSONNEL ET FAMILIAL

Dans le cadre de notre projet **V3F-4MC,** la première étape de notre ''feuille de route'' au sein de la FPMA sera le renforcement des liens familiaux. La famille est en effet la base de notre communauté. Dans une communauté où les liens familiaux sont malades ou fragiles, celle-ci est aussi vulnérable ou précaire.

Par conséquent elle ne peut pas être un lieu de ressourcement spirituel pour les familles et les fidèles.

Notre objectif dans un premier temps sera donc d'établir, construire ou même reconstruire au sein des familles les trois **''piliers d'une famille en bonne santé''** : **AMOUR-CONFIANCE-SECURITE**

**Notre visée** est claire, que chaque membre se sente aimé, en confiance et en sécurité au sein de sa propre famille. Autrement dit, que chaque famille soit un havre de paix pour ses membres.

Pour atteindre notre objectif nous proposons de mettre en place pendant les mois à venir trois cadres plus ou moins interdépendants : le **culte familial**, **un club d'enfant** dans chaque paroisse, et **un club des jeunes mariés**.

Ce mois-ci nous allons aborder le culte familial à travers quatre questions :

1.Pourquoi le culte familial est-il important pour notre objectif et notre visée ?
2.Quels sont les obstacles aux cultes familiaux ?
3.Comment organiser et structurer ces cultes ?

Suite Page 2



## LA FPMA REÇOIT AVEC DOUCEUR LA PAROLE QUI A ÉTÉ PLANTÉE EN ELLE

### JACQUES 1:21

La Parole dont il est question ici est une Parole qui est qualifiée de : "plantée". Cela signifie que La Parole est déjà bien enracinée et qu'elle a fructifié, elle forme désormais un seul corps avec chaque personne qui l'a reçue, et un seul corps avec L'Eglise.

Si nous examinons les 60 années passées, c'est ainsi que nous pouvons résumer l'histoire de la FPMA : travailler pour cultiver La Parole dans le cœur des hommes et au sein de toute l'Eglise.

Maintenant, nous pouvons dire sans hésiter que la FPMA et La Parole ne forment qu'un seul corps, La Parole est bien enracinée dans l'Église. La Parole de Dieu prend maintenant une place centrale au sein de la FPMA.

Les bases de l'édification de la FPMA depuis sa création et jusqu'à ce jour, ses principes et son orientation théologique sont entièrement inspirés de la parole de Dieu :

1. La FPMA, prémices de l'Union des Eglises Protestantes Malgaches

2. La FPMA, Communion en Mission pour la Guérison de ce monde

3. Et lors du dernier Synode : La FPMA, en chemin pour guérir les malades, ''ressusciter les morts'', purifier les lépreux, chasser les démons. Nous avons reçu gratuitement, donnons gratuitement. (Matthieu 10.8)

Ces trois principes exigent chacun un combat spirituel intense, permanent et prégnant dans la vie des paroisses et de chaque fidèle.

L'objectif est pratiquement impossible à atteindre si la Parole cesse d'être plantée. C'est la raison pour laquelle nous avons choisi ce verset de Jacques 1.21 dans la perspective des 60 prochaines années. Voici donc notre thème :

### LA FPMA REÇOIT AVEC DOUCEUR LA PAROLE QUI A ÉTÉ PLANTÉE EN ELLE

Cela suppose une disposition du cœur, un état d'esprit, et une éthique que la FPMA doit apprendre et vivre au sein de ce monde.

1. Une disposition du cœur à recevoir et à accepter La Parole. C'est la vie véritable de chaque fidèle qui veut que la foi et l'amour du Seigneur Jésus s'enracinent et soient solidement plantée dans son cœur. Car L'homme ne vivra pas de pain seulement, mais de toute parole qui sort de la bouche de Dieu.

2. Etat d'esprit : celui qui reçoit La Parole doit faire preuve de "douceur" et d'"humilité". Les Saintes Écritures entendent par-là de recevoir la Parole sans discussion ni rejet, en croyant totalement que la parole de Dieu est vivante et efficace. (He 4.12)

3. Ethique : L'âme est sauvée. " Recevoir avec douceur la Parole semée qui sauve votre âme". Telle est la récolte lorsque la Parole de Dieu agit véritablement : l'âme est sauvée. De quoi est-elle sauvée ? Elle est sauvée des pièges de ce monde, des œuvres de la chair et des œuvres du diable.

Prions afin que cette célébration de Dieu au travers des 60 ans de la FPMA apporte à chaque paroisse et à chacun un nouvel élan. ■

# LES CULTES PERSONNEL ET FAMILIAL Past Seth Rasolondraibe

4.Quels sont les instruments à notre disposition ?

**Pourquoi le culte familial est-il important pour notre objectif et notre visée ?**

La famille est le lieu du premier amour, de la première éducation et lieu d'apprentissage de la liberté. Par le culte familial chaque famille apprend à mettre au centre Jésus et sa Parole.

Ainsi comme **lieu du premier amour**, par le culte familial, la famille apprend à fixer ensemble son regard dans la direction de notre Seigneur Jésus-Christ. Car Il est l'unique source d'un amour authentique.

A travers le culte familial, en tant que **lieu de la première éducation**, la famille commence ou continue à transmettre les valeurs chrétiennes et sa vraie identité à nos enfants et à nos jeunes.

Enfin, en tant que **lieu d'apprentissage de la liberté**, les connaissances acquises et la communion vécue dans les cultes familiaux contribueront à la croissance et à la maturité spirituelle de chaque membre. C'est ainsi que l'esprit de discernement, le sens de responsabilité et la liberté seront effectifs dans la vie de nos enfants.

En effet il est écrit dans Jn 8, 31-32 : « ...Si vous demeurez dans ma parole, vous êtes vraiment mes disciples; vous connaîtrez la vérité, et la vérité vous rendra libre. »

**Quels sont les obstacles aux cultes familiaux ?**

Malgré toutes les bonnes volontés, les familles qui ont essayé de s'engager à établir dans leur tradition ces cultes ont rencontré des difficultés en tout genre. C'est un combat commun qui demande dans un premier temps une victoire de chacun contre soi-même. D'où l'importance des cultes personnels.

Jésus lui-même n'a jamais négligé les cultes personnels. Dans Marc 1, 35 il est écrit : « Vers le matin, pendant qu'il faisait encore très sombre, Jésus se leva, et sortit pour aller dans un lieu désert, où il pria ».

Le succès et la richesse du culte familial dépend beaucoup du culte personnel.

Voici donc quatre obstacles principaux auxquels nous devons combattre chaque jour :

1.Le manque d'intérêt pour les affaires de Dieu ou la paresse spirituelle

2.Nos émotions et nos mauvaises humeurs avant ou pendant le culte familial

3.La fatigue et le manque de temps

4.Le manque de respect ou d'amour mutuel. Etc...

Chaque membre de la famille apprend à gérer ces obstacles et s'encourager mutuellement à les surmonter

**Comment organiser et structurer ces cultes ?**

Dans le culte personnel de Jésus (Marc 1, 35) nous relevons trois silences que nous devons rechercher au sein de la famille pour organiser notre culte familial :

**1.Le matin** : pendant que tout est encore calme intérieurement ou le soir comme à Gethsémané où tout s'est déjà calmé dans notre esprit

**2.Pendant qu'il faisait encore très sombre** : Pendant que l'atmosphère est encore calme. Aucune activité n'a encore commencé

**3.Dans un lieu désert** : Par définition le désert est calme et silencieux

A nous de créer ou chercher ensemble ces trois silences afin que nos cultes soient une vraie communion avec le Seigneur Dieu et entre nous.

**Comment donc structurer notre culte familial ?**

Au préalable nous devons définir le statut des parents et des enfants. Ou comment faire en sorte que les parents soient des parents et les enfants des enfants ?

**Les parents comme prophètes et sacrificateurs** : Les prophètes appellent les enfants de Dieu à vivre l'alliance en obéissant à la Parole de Dieu. Tandis que les sacrificateurs demandent le pardon de Dieu pour ces enfants s'ils trébuchent.

Voici donc une petite liturgie pour un culte personnel et un culte familial :

| CULTE PERSONNEL |
|---|
| Chants et prière |
| Lecture de la Parole ( Choisir un plan de lecture ) |
| Prière (Définir des sujets de prière pour chaque jour) |
| Chant |


| CULTE FAMILIAL |
|---|
| Chant + Psaume du jour (Désigner un président de séance par jour) |
| Lecture (en suivant le plan choisi par la famille) |
| Partage, commentaire ou explication du passage du jour |
| Chant et prière (chacun partage ce qui lui tient à cœur pour les sujets de prière) |
| Prière finale + Notre Père qui est aux cieux |

**Quels sont les instruments à notre disposition?**

1.Le plan de lecture de la Bible en 6ans édité par la Fédération Protestante de France avec notre Bible seront les instruments de base pour nos cultes personnels et familiale

2.Pour les plus avancés dans le culte personnel et pour ceux qui sont dans les formations permanentes le plan de lecture de la Bible en un an est fortement conseillé (Plan Mc Cheyne, disponible sur le site de la FPMA)

3.D'autres instruments seront proposés régulièrement dans le site de la FPMA : fpma.church ■



# ASSISES V3M 2-3 Mars 2019, PARIS



Les premières assises nationales concernant le projet pasteurs salariés ou V3M ont été organisées les 2 et 3 Mars 2019, à la Maison du Protestantisme à Paris.

Ouvert à tous, l'événement a accueilli environ 80 participants : communiants et responsables de tous niveaux de la FPMA. L'objectif était de trouver des propositions concrètes pour prioriser et accélérer le projet V3M.

Ainsi, le vendredi 02 Mars a été scindé en 2 parties.

Le vice-président laïc de la FPMA, Roland Ratiarison a d'abord exposé l'état des lieux chiffré de la situation et son évolution depuis 2006.

Le pasteur Jean-Teddy Ramaherijaona, Conseiller au sein du Bureau Central à introduit la deuxième partie par un enseignement sur les bienfaits du ministère pastoral au sein de l'église. Le pasteur : berger et enseignant « pour le perfectionnement des saints en vue de l'œuvre du ministère et de l'édification du corps de Christ ».

Le Président de la FPMA, Pasteur Seth Rasolondraibe a ensuite approfondi les notions de vocation, théologie pastorale, processus de reconnaissance du ministère pastoral au sein de la FPMA, afin de souligner la relation étroite entre le travail du Pasteur et la vie spirituelle de l'Eglise, qui est l'objet de la grâce de Dieu. En effet, c'est par la place occupée par La Parole au sein de la vie d'une Eglise (et dans la vie de ses fidèles), que se mesure sa croissance. *"Combats le bon combat de la foi, saisis la vie éternelle, à laquelle tu as été appelé, et pour laquelle tu as fait une belle confession en présence d'un grand nombre de témoins." 1 Tim 6:12*

Le samedi 03 Mars a laissé libre cours aux débats, témoignages et partages d'expérience des participants, invités à poser leurs questions, donner leur avis concernant les blocages, et à proposer des pistes de solutions.

Ensuite, le Pasteur Falimanana Raharindranto, Vice-président de la FPMA, a consacré un enseignement à la culture de Dons : donner joyeusement, *"Car Dieu n'est pas injuste, pour oublier votre travail et l'amour que vous avez montré pour son nom, ayant rendu et rendant encore des services aux saints"* Heb 6:10

Plusieurs propositions ont ainsi été trouvées, à présenter au prochain KM :

- Ligne directrice de la FPMA : Vision Synodale
- La nécessité d'un culte tous les dimanches pour toutes les paroisses de la FPMA
- Délocaliser et répéter les assises V3M au niveau de chaque région
- Recenser les communiants et l'engagement financier potentiel de chacun
- Mettre en place une caisse commune dédiée au V3M
- Poursuite de l'enseignement concernant le V3M, et visite des paroisses et régions.

Les participants, dont les avis ont été recueillis à l'issue de l'événement, se sont montrés plutôt satisfaits : les échanges libres, les réponses obtenues ont permis d'atteindre l'objectif concret fixé : proposer une feuille de route au prochain Komity Maharitra.

À Dieu seul soit la Gloire !

Lalaina Ramarotafika

## La Parole comme miroir

16 Ne vous y trompez pas, mes frères bien-aimés: 17 toute grâce excellente et tout don parfait descendent d'en haut, du Père des lumières, chez lequel il n'y a ni changement ni ombre de variation. 18 Il nous a engendrés selon sa volonté, par la parole de vérité, afin que nous soyons en quelque sorte les prémices de ses créatures. 19 Sachez-le, mes frères bien-aimés. Ainsi, que tout homme soit prompt à écouter, lent à parler, lent à se mettre en colère; 20 car la colère de l'homme n'accomplit pas la justice de Dieu. 21C'est pourquoi, rejetant toute souillure et tout excès de malice, recevez avec douceur la parole qui a été plantée en vous, et qui peut sauver vos âmes.

Jacques 1: 16-21

# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

Bureau Central de la FPMA AVRIL 2019 N° 003



## Paska fahazavana !

Lioka 24,1-12

Faly miarahaba anao ao amin'i Tompo izahay amin'izao andro firavoravoana noho ny Paska izao !

Mbola manana ny akony eo amin'ny fiainan'ny Kristiana rehetra ankehitriny ve ny Paska ? Efa zary fety aman-danonana mantsy io fotoana io ankehitriny satria mamporisika ny olona ho amin'izany ny tontolon'ny fanjifàna (société de consommation). Misy ihany koa ny matsiaro izany andro lehibe izany ihany saingy revo amin'ny fombam-pivavahana sy ny fetim-piangonana ka manadino ny tena foto-javatra (religiosité chrétienne).

Rakotry ny haizina samihafa araka izany ny zanak'olombelona, fa indrindra ny kristiana maro, ka dia mitady ihany izy fa tsy mahita, mihinana ihany saingy tsy mety voky, mandany vola aman-karena fa tsy mety afa-po, mifaly ihany saingy tsy mahazo fitsaharana ny fanahiny (Isaia 55,2a).

Manoloana izany haizina manjo izany indrindra no indro miposaka amintsika indray ny fahazavan'ny Paska. Ho an'i Lioka, dia nanomboka teo amin'ny fitsanganan'i Jesoa Kristy tamin'ny maty ny fahariana vaovao ataon'Andriamanitra ho an'izao tontolo izao izay simban'ny fahotana (andininy 1 : « tamin'ny andro voalohany... » ; jereo Genesisy 1,1). Ny Fanahin'Andriamanitra no miasa

# PASKA FANAVAOZANA

## 1Kor 5, 6-8

*6 Tsy mety ny fireharehanareo. Tsy fantatrareo va fa ny masirasira kely dia mahazo ny vongana rehetra? 7 Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao ianareo, araka izay tsy mahamisy masirasira anareo. Fa voavono Kristy, Paska ho antsika; 8 ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana, tsy amin'ny masirasira ela, na amin'ny masirasira lolompo sy faharatsiana, fa amin'ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana.*

Efa nanomboka novelabelarina tamintsika tao amin'ny Sehatrin'ny SAP-KNPL ny etika sy ny moraly ao amin'ny Epistily nosoratan'i Paoly ho an'ny Korontiana. Tsapa ao amin'ny Epistily manontolo ny firaiketan'ny fon'i Paoly amin'ireo Fiangonana nankinin'ny Tompo taminy.

Ny resaka ataony Paoly eto dia mahakasika fitondran-tena maloto na fijangajangana izay tsy mbola nisy toa azy na dia any amin'ny jentilisa aza. Satria lehilahy iray ao anatin'ny fiangonana no manambady ny vadin'ny rainy. Izany hoe efa maty na nisaraka ilay rainy, ka renikeliny izay io novadiny io.

Tsy nety tamin'i Paoly ny fandrenesana izany vaovao mampalahelo izany ka dia nanoratra izy mba ilazana ny tsy maharatsy sy mahamenatra izany. Nampahafantarin'i Paoly ary ireo koa ny tsy mahamety ny namelan'ireto kristiana tany Korinto ireto izany trangan-javatra izany tamin'izao fotsiny fa tsy nitadiavany vaha olana.
Izany no mahatonga ny Apostoly Paoly miteny hoe : « Tsy mety ny fireharehanareo ». Misy nihevitra ny tenany ho mamala-tsaina ka nijery fotsiny izany fijanganjangana mahatsiravina izany. Misy koa ny natahotra ny vavan'ny hafa ka tsy sahy nandray andraikitra.

Ny tokony ho nataon'ireto vahoakan'Andriamanitra ireto dia ny namoaka an'izany lehilahy izany tao ampiangonana mba hitsaboana azy. Izany



no hevitry ny hoe « 7Esory ny masirasira ela, mba ho vongana vaovao ianareo ».

Izany no antson'ny Paska ho antsika, Paska fanavaozana : « Fa voavono Kristy, Paska ho antsika ». Io no fototra telojikan'ny etika sy moraly kristiana. Ny fahafatesana sy ny fitsanganan'i Jesoa tamin'ny maty no nanomezan'Andriamanitra ho antsika ny fandresena amin'ny lafiny rehetra : Izao tontolo izao, ny devoly sy ny asany rehetra, ny fahotana ary ny fahafatesana.

Noho izany dia tena fifaliana no entin'ny Paska : « 8ka dia aoka isika hanao andro firavoravoana ». Fifaliana mitaky andraikitra anefa satria isika mbola eto amin'izao tontolo izao mbola anjakan'ny rastsy. Ka hoy indray ny teny : « andro firavoravoana, tsy amin'ny masirasira ela, na amin'ny masirasira lolompo sy faharatsiana, fa amin'ny mofo tsy misy masirasira, dia ny fahadiovam-po sy ny fahamarinana ».

Ny Paska noho izany ry havana dia mitaky andraikitra sy miantso antsika hiambina mandrakariva mba tsy hisy masirasira intsony eo amin'ny fiain'ny tsirairay sy ny fiainan'ny fiangonana. Efa voalazan'ny Mpanompon'Andriamanitra teo amin'ny Lioka koa ry havana fa ny Paska dia nanaposahan'Andriamanitra indray amin'izao tontolo izao ny fahazavany.

Vavaka :

Ray malala ô, aposahy aminay ny fahazavanao mba ahitanay izay mbola masirasira eo amin'ny fiainanay sy eo anivon'ny fiangonanay. Ary omeo anay ny herin'ny fitsangananao tamin'ny maty hanoheranay sy hialanay amin'izany.

Past Seth RASOLONDRAIBE

hahatanteraka ny fahariana ny mino mba ho tonga olom-baovao kosa izy (Romana 8,11).

Raha tsy nitsangana tamin'ny maty i Jesoa Kristy dia levona tao am-pasana avokoa ny fampianarany sy ny Fanjakan'Andriamanitra izay nitoriany, ary dia mbola tao amin'ny fahotana ihany isika (1 Korintiana 15,17). Koa ny Paska kristiana dia ny fijalian'i Jesoa Kristy sy ny fahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty. Fahazavana roa lehibe no aterak'izany eo amin'ny fiainan'ny mino sy ny Fiangonana, araka izay taterin'ny Filazantsara eto, dia ny finoana miorim-paka amin'ny Tenin'Andriamanitra sy ny faharetana amin'ny asan'Andriamanitra.

1)Finoana miorim-paka

Sarotra amin'ny olona izay manaraka ny lojikan'ny tany (rationnel) ny hahatakatra ny tsiambaratelon'ny fitsanganana amin'ny maty satria voafetra eo amin'ny fasana ihany ny fahalalana ara-tsaina. Na dia misy aza ny marika hita maso ny amin'ny fanatrehan'Andriamanitra toy ny « vato nikodia », dia very hevitra foana ny olona raha tsy mino izy (and. 4). Koa ny finoana dia ny fanekena fa marina ny Tenin'Andriamanitra (Romana 10,17). Hafatra tokana no nentin'ireto anjely ireto nanazavana ny fo sy ny sain'izay nitady an'i Jesoa tao am-pasana, dia ny hoe: « tsarovy ny teniny... » (and. 6). Moa tsy izany indrindra no nahatery ny mpanitsy fivavahana hatrany amboalohany, dia ny anorenan'ny Fiangonana ny finoany sy ny asany amin'ny Tenin'Andriamanitra irery ihany ?

2)Faharetana amin'ny asa fanompoana

Nahazo hery noho ny fandraisana ny Tenin'Andriamanitra ireto vehivavy ireto ka niamboho ny fasana ary dodona hizara ny vaovao mahafaly ho an'ny namany (and. 9). Tojo fisedrana izy ireo satria tsy mba noraisin'ny olona akory ny fanazavana nentiny (and. 11). Nisy anankiray kosa anefa mba nanokatra ny sofiny ihany saingy tsy nanaraka ny teny re fa izay saim-patany fotsiny no notohizany (and. 12). Mampahery ny Fiangonana àry mba hanohy hatrany ny asany ka tsy ho kivy amin'ny fitoriana ny Filazantsara ataony : « ianareo izay mpampahatsiaro an'i Tompo, aza mitsahatra ! » (Isaia 62,6).

Ho tsilovin'ny hazavan'ny Paska hatrany anie ny fiainantsika sy ny Fiangonana ary izao tontolo izao!

Past Jean Teddy Ramaherijaona



# "Tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra."

### (Asa 10.34)

# Paska, Loharanom-pamonjena ho an'ny rehetra

Izany tokoa no azo lazaina momba ny fitoriana ny tantaran'ny Paska. Rehefa mihevitra ny fitsanganan'i Kristy amin'ny fitsanganan-kovelona dia hita fa manohy miahy hatrany ny tontolontsika sy izao tontolo izao Andriamanitra. Inona tokoa moa izany ny tena hevitry ny Paska ho antsika ?

Ny toriteny fohifohy nataon'i Petera tamin'i Kornelio dia maneho ny tokoa ny fanambarana ny fitsanganana amin'ny maty. Ny maha-zava-dehibe ny fitsanganan'i Jesoa dia tsy midika fotsiny hoe mahalala na mamerina momba ny fasana foana, izay tena ilaina tokoa, fa misongadina etoana fa zava-dehibe kokoa noho ny fitsanganana amin'ny maty dia ny fanehoana ny fanoloran-tenan'Andriamanitra ho an'ny olombelona rehetra.

Voalohany, nahoana i Petera no niresaka tamin'i Kornelio? Nanomboka ny hafany i Petera ao amin'ny andininy 34. Nandresy lahatra ny amin'ny fiheveran'Andriamanitra ao fomba fijery vaovao. Ny toriteny manontolo dia tonga amin'ny fibanjinana vaovao : "Tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra." Andriamanitra dia miahy ny olombelona rehetra ary mankasitraka ny vahoaka rehetra. Fa ny Asan'ny Apôstôly dia maneho fa Andriamanitra dia nanambara izany fahamarinana izany tamin'ny fomba maro mba hanafoana ny fenitra maharitra hatrizay (jereo ny 10:28; 11: 2-3). (10: 9-23a). Niresaka momba ny fiainan'i Jesoa sy ny nahafatesany ary ny fitsanganany tamin'ny maty i Petera, mba hampisongadina ny fikasany momba ny tany sy hanaporofo fa tsy manavakavaka Andriamanitra.

Faharoa, nanoritsoritra ny tantaran'ny filazantsara sy ny fanompoany manokana i Petera, ka nampifantoka ny votoanton'ity tantara sy ministera ity. Jesoa no Tompon'ny rehetra (and. 36). Satria nomba azy Andriamanitra, dia nositraniny izay rehetra nampahorina (and. 38). Ny fanavotana amin'ny fahotana ankehitriny dia tonga amin'ny olona rehetra izay mino Azy (and. 43).

Ny loharanon'io famonjena ho an'ny rehetra io dia mitoetra sy miorim- paka amin'ny asan'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy, izay nirahina "tamin'ny zanak'Israely" (and. 36) ary nitory ny hafany tany Galilia sy Jodia (and. 37, 39). Fa ny tena endriky ny zava-niseho tamin'i Kristy teo amin'ny tantaran'ny fifandraisan'Andriamanitra tamin'i Isiraely dia ny tsy famerana ny famonjena ho an"i Israely ihany. Izay rehetra manatona an'Jesoa dia tsy ho laviny satria : "Tsy mizaha tavan'olona Andriamanitra." Izany no Paska ho antsika anio.

Past Falimanana Raharindranto



## TANO NY FINOANA HO AMPINGA

Misaotra an'Andriamanitra lehibe fa tontosa soa ny RNT 2019 izay natao ny 13 - 14 aprily tany HAMEAU de BECOURS 12520 Varrières.

. Nisy mpilasy 290 izay beazina 172 , mpiandraikitra 53 ary ny olon-dehibe 65. Ny tondrozotra nandritra izany lasy izany dia noraisina tao aminy MATIO 5 / 6 « aoka hazava eo imason'ny olona toy izany koa ny fahazavanareo »

Ny thème ny lasy dia « Scouts , citoyens du monde ,responsable de la protection de la nature » Nizara ho sokajin – dasy 4 ny lasy ;ary niaina sy namelona tena irery.

Nanantateraka ny AG ny Ray amandreny ary nisy ny fampianarana izay nohentiny mpitandrina synodaly izay hisaoranay mitafotafo.

Nisy koa ny fotoana niarahana toy ny lalao, afon- dasy ny asabotsy hariva , ny culte ny Alahady maraina notarihany mpitandrina mpiahy ny Tily RAKOTO Clément.

# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement''

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA MAI - JUIN 2019 N° 004




« Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra* hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, [*Gr. Parakleto, dia Mpanampy, na Mpampahery, na Solovava] »

(Jaona 14:16)

Tsy misy ny Andriamanitra faha-efatra. Ny telo izay iray no mamaritra ny Andriamnitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay inoantsika kristiana. Ny Andro Pentekosta no hanamarihan'Andriamanitra ny fanombohana ara-pomba ofisialy ny asan'ny Fanahy Masina ilay Andriamnitra fahatelo irahina hiahy ny kristiana tsirairay avy sy ny Fiangonan'Andriamanitra.

Manomboka eo dia ny Fanahy Masina no miasa ao amin'ny kristiana tsirairay. Manazava ny saina sy ny fanahy ny amin'ny famantarana ny tena sitrapon'Andriamanitra (Romana 12:2). Io Andriamanitra fahatelo io no manome ny fahazavana hahatonga ny kristiana tsirairay ho zanak'Andriamanitra. (Jaona 1:12). Ny Fanahy Masina no mampahery ny ktistiana sy ny Fiangonana, manatanteraka ny asa fanamasinana (santification) ka manova tsikelikely ny tsirairay ho araka an'Andriamanitra ka mandamina sy manefy ny Fiangonany ho tonga lafatra tsy hanan-tsiny amin'ny fihavian'ny Tompo indray (Efesiana 5:27). Ny Fanahy Masina no mampitoetra ny Finoana sy ny Fanantenana ary ny Fitiavana izay hany telo izay mitoetra (1 Korintiana 13:13).

Noho izany dia ny Fanahy Masina no Andriamanitra miasa ao amin'ny

# PENTEKOSTA 2019

**"Jesosy namaly ka nanao taminy hoe: Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka honina ao aminy".** Jao 14.23

Faly miarahaba antsika ry havana mbola nomen'Andriamanitra tombon-tsoa manokana afaka mankalaza sy misaotra Azy amin'izao andro Pentekosta izao.

Raha misy firarian-tsoa mety atao amin'ny vanim-potoana toy izao dia io Jao 14.23 io no anisan'ny tsara indrindra: ''Ho fonenan'Andriamanitra Ray Zanaka Fanahy Masina ny fonao''.

Ho fonenan'Andriamanitra Ray Zanaka Fanahy Masina anie ny tokatranonao.

Satria izany tokoa ry havana ny fahagagana sy fahasoavana lehibe ataon'ny Fanahy Masina ho an'izay mino an'i Jesosy Kristy nitsangana tamin'ny maty.

Reha mino an'i Jesosy ny olona ka tia Azy dia hoy Izy eo amin'ny and 16ss, Jesosy izany: "Ary Izaho hangataka amin'ny Ray, ary Izy hanome anareo Mpananatra hafa mba ho eo aminareo mandrakizay, 17 dia ny Fanahin'ny fahamarinana, Izay tsy azon'izao tontolo izao horaisina, satria tsy hitany na fantany; fa ianareo no mahafantatra Azy, satria mitoetra eo aminareo Izy, ary ho ao anatinareo".



Ary rehefa tonga ao am-pontsika ny Fanahy Masina dia tsy mipetra-potsiny Izy fa mitarika antsika hitandrina ny tenin'i Jesosy sy ny didiny. Ary tsy izany ihany fa taominy koa ny Ray sy ny Zanaka honina ao amintsika. Izany no mahatonga an'I Jesosy hiteny eo amin'ny and 23 hoe: "Raha misy tia Ahy, dia hitandrina ny teniko izy; ary ny Raiko ho tia azy, ary hankao aminy Izahay ka honina ao aminy".

Tonga ao amintsika noho izany ny Ray Zanaka Fanahy Masina. Ny tena zava-dehibe amin'izany koa dia tafaombona amin'ny fifankatiavan'ny Ray Zanaka Fanahy Masina isika. Tafiditra ao amin'ny rohim-pitiavana misy amin'Izy ireo. Ka lasa mahay mifankatia koa.

Izany no maha zava-dehibe ilay firarian-tsoa: Ho fonenan'Andriamanitra Ray Zanaka Fanahy Masina anie ny fonao, ny fianakavianao, ny fiangonantsika....

Mirary pentekosta anjakan'ny fitiavan'I Krsity ho antsika.

Past Seth Rasolondraibe

# « Tsarovy ny andro Pentekosta ! »

(Asa 2,1-11) Pasteur Jean Teddy RAMAHERIJAONA

Manao fanati-tsitrapo ho an'Andriamanitra ny olony ho fahatsiarovana ny fitahiany amin'ny andro Pentekosta (andro fahadimampolo manaraka ny Paska no fankalazana izany, Deotoronomia 16,9-12).

Ny fahatsiarovana ny nanomezan'Andriamanitra ny Lalàna tao Sinay no nanolo ity fetim-bokatra ity, tamin'ny taonjato faharoa. Fahavokarana be ho an'ny mino an'i Jesoa kristy ny fahatanterahan'ny Pentekosta (« tonga », and.1a) satria ny Fanahy Masina mihitsy no nirotsaka avy any an-danitra, ka dia « feno ny Fanahy Masina » izy rehetra (and.4). Zavatra anankiroa no tsara ho tsarovana eto momba ny fahafenoan'ny Fanahy amin'ny mino (plénitude de l'Esprit). Fiombonan'ny mino amin'ny asa izay hitarihan'ny Fanahy azy, sy, fihainoany ny bitsiky ny Fanahy eo am-panarahana ny Tompo.

• **Fiombonana manao asa misiona:** Nateraky ny Fanahy Masina ny fiombonana ka mitaona ny olona hanao

Fiangonany; mitarika azy ary tokony hanjaka sy hanapaka ao am-pontsika kristiana ka hampitoetra ny Fitiavana (Romana 5:5). Hoy indrindra ny Tompo eto : « Raha tia Ahy ianareo, dia hitandrina ny didiko. » (Jaona 14:15). Ny didin'ny Tompo dia tsy inona fa ny fifankatiavana izay hahafantaran'ny olona fa mpianatr'i Kristy isika (Jaona 13:35). Miray saina miray fo miray fitiavana manompo an'Andriamanitra (Filipiana 2:1-2) ka hanao ho vain-dohan-draharaha ny fifankatiavana. Hoy indrindra Paoly Apositoly : « Aza avela hisy tsy voaloa na amin'iza na amin'iza, afa-tsy ny fifankatiavanareo ihany; fa izay tia ny namany dia efa nahatanteraka ny lalàna. » (Romana 13:8).

Tsy misy, hoy aho teo am-piandohana, ny Andriamanitra faha-efatra fa mbola ny Fanahay Masina no Irak'Andriamanitra Farany manadamina sy manatanteraka ny asam-panmonjena mandrak'ankehitriny. Raha lavina sy atosika ny Fanahy Masina abefa dia toy ny miteny ratsy ny Fanahy. Izany no isan'ny ny hevitry ny Tompo raha niteny hoe : « Fa izay miteny ratsy ny Fanahy Masina kosa dia tsy mahazo famelan-keloka mandrakizay, fa miendrika hohelohina ny amin'ny ota mandrakizay izy; izany no nolazainy, » (Marka 3:29). Tsy misy Andriamanitra faha-efatra hanarina ny tsy mety fa ny Fanahy Masina no hany sakaiza miaradia amin'ny tsirairay sy ny Fiangonan'Andrianamanitra.

Farany, ny Andro Pentekosta no hanehoan'Andriamanitra ny fiterahany ao am-pontsika mba hanjakan'ny Fiadanana ka ho tanateraka amintsika tsirairay anie ny tsodran'i Paoly Apostoly :

« Ary ny fiadanan'Andriamanitra, izay mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny hevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy. » (Filipiana 4:7)

Past Falimanana RAHARINDRANTO

## AGENDA

■ **CULTE JUBILE 60ème FPMA**
**16 Juin 2019 à 10h00**
Temple de la Rédemption, 16 rue Chauchat 75009 Paris

■ **RNSTK: 5 au 7 Juillet 2019**
Saint-Laurent- Sur-Sèvre (85290)

■ **30ème Convention Annuelle du Fifohazana**
**7 au 14 Juillet 2019**

# « Tsarovy ny andro Pentekosta ! »

(Asa 2,1-11) Tohiny - Pasteur Jean Teddy RAMAHERIJAONA

asa iombonana. Hita tamin'ireto mpino tafangona teo amin'ny fitoerana iray ireto izany (and.1b). Samy nandray mitovy sy nitondra ny mariky ny Fanahy avy ny mino rehetra (and.3). Tsy hay faritana ny Fanahy Masina satria Andriamanitra Izy (Jaona 4,24). Noho izany, rehefa tonga ao amin'ny olona Izy dia tamin'ny fahafenoany avokoa no nandraisany Azy fa tsy tamin'ny ampahany, na tamin'ny sombintsombiny akory. Ny hoe « feno » dia milaza indrindra ny « fandrakofana ». Rakotry ny Fanahy ny mino ka iasàn'Andriamanitra tanteraka ny fony sy ny lelany mba hanambara ny Teniny madio. Tsy ilay olona amin'ny maha-izy-azy azy no re miteny (and.7) fa ny Fanahy izay manambara kosa ny asan'Andriamanitra, ho famonjena ny olona rehetra ao amin'i Jesoa Kristy Zanany (and.11. Ampitahao, Marka 13,11).



Miombona amin'ny asa misiona àry ny mino izay feno ny Fanahy Masina. Zarazaraina ho samy hafa ny fiteny fa tokana kosa no hafatra entin'ny mino, satria Fanahy iray ihany no mitaona azy rehetra (and.11). Fanamby lehibe ho antsika izay miaina ny fiombonana ao anatin'ny fahasamihafana izany raha manaiky hotarihin'ny Fanahy tokoa ny Fiangonana.

• **Fihainoana ny bitsiky ny Fanahy**

Atao ahoana no fino izay olona tsy reny ? Ary hataony ahoana no fandre raha tsy misy mpitory (Romana 10,14)? Izany indrindra no maha zavadehibe izay voalaza teo aloha rehetra teo. Niombona tamin'ny talentany avy ny mpianatra mba hampita ny hafatra avy amin'ny Fanahy. Fa ny mpivavaka « tsara » kosa dia nandre ny hafatry ny famonjena, ary maro tamin'izy ireny no natao batisa mba handraisany ny Fanahy Masina (and.37-39). Lazaina hoe, mpivavaka tsara, izay rehetra manantena ny famonjen'Andriamanitra ka mitoetra ho olona mahatoky eo amin'ny fiarahamonina (Lioka 2,25). Ary tsy mba isan'ny nanaiky fahatany izay nitranga taminy izy ireny. Nanadihadihady tsara ny amin'ireto nahay tampoka ny fiteniny aloha no nataony (and. 7 sy 11). Moa tsy tokony hozahana toetra va ny fanahy na avy amin'Andriamanitra izany na tsia (1 Jaona 4,1)? Mbola misoko mangina ao amin'ny fiangonana ny fanahy mamitaka ka maro no voasarika (1 Tm 4,1). Efa nanome toromarika ho an'ny mino ny Tompo mba hamantarana ny Fanahy Masina izay horaisin'izy ireo (Jaona 14,26). Mampianatra ary mampatsiaro ny amin'ny famonjen'Andriamanitra efa notanterahan'i Jesoa Kristy ny Fanahy fa tsy ny mifanohitra amin'izay akory.



## RNSA 2019

Tanteraka soamantsara ny 26-27-28 aprily 2019 teo tany Masseube ny RNSA 2019.

560 ny mpizaika tamin'izany. Samy nandray anjara tamin'ny hetsika ary nahazo fampianarana avy izay nifantoka tamin'ny loha-hevitra hoe "« fa mitomboa amin'ny fahasoavana sy ny fahalalana an'i Jesosy Kristy, Tompontsika sy Mpamonjy. » 2 Petera 3 : 18 ny rehetra.

Nandritra ny AG dia nisy ny fifidianana ny birao vaovao, toy izao no tapaka tamin'izany:

Filoha: Nancy Harvel (Tafo Creil)

Mpitam-bola: Malalatiana Andrianjanahary (Tafo Fihobiana Paris)

Mpitantam-bola: Misa Rakotomalala (Tafo Toulouse)

Mpitan-tsoratra: Ony Rabemanantsoa (Tafo Aix-Marseille)

Mpanentana: Haingo Andrianandrasana (Tafo Bordeaux)